## Tranga
## Tovolahy iray tsy hita miaraka amin'ny fiara Sprinter nentiny 6


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 15 janoary 2019 Laharana 861 Vidiny : 400 Ar


**Joba 8: 5-6-7** 5

Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 102), Madagasikara 12 janoary 2019



www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


### Raharaham-pirenena 6

# Aza atao z'inona ny Baiboly, tenin'Andriamanitra




### CUA, ato anatin'ny 100 andro 5

# Hisy ny vokatra azo tsapain-tanana



### FILOHA RAVALOMANANA 2

## Nankalaza ihany koa ny andron'ny manamboninahitra



### Avaratr'i Miandrivazo 7

## Mampalahelo fa mifamono ny samy fokonolona

### TMMR 4

## Tsy mivadi-belirano amin'ny Filoha Ravalomanana

### CUA – SAMVA - APIPA 5

## Hodiovina ireo lakan-drano tsy nisy nanadio nandritra ny fotoana maro



**Daka kely**

Tsy mety aminareo intsony izany ny tenin'Andriamanitra ry Boaikely a !

### Com-TIM Ambositra 4

## Hanomana ny fifidianana ho avy sahady



FILOHA RAVALOMANANA

## Nankalaza ihany koa ny andron'ny manamboninahitra

Nankalaza ny andron'ny manamboninahitra, ny sabotsy 12 janoary teo, ny filoha Ravalomanana sy ireo manamboninahitra niara-niasa taminy teo aloha, teny amin'ny trano fonenany teny Faravohitra. Tamin'izany ihany koa no niarahaban'ireto manamboninahitra ireto ny filoha Marc Ravalomanana sy ny ankohonany, tratry ny taona vaovao 2019. Noho izay andron'ny manamboninahitra sy ny Asaramanitra izay, sady fanao isaky ny andron'ny 12 janoary, nanolotra gisa 3 ho azy sy ny fianakaviany ireto manamboninahitra mpiara-niasa taminy ireto. Ny 12 janoary dia ankalazain'ny manamboninahitra rehetra eto Madagasikara isantaona, na ny amperinasa na ireo efa tsy amperinasa intsony, fahatsiarovana ny faherintaona nidiran'ny mpianatra manamboninahitra voalohany tao amin'ny Akademia Miaramila Antsirabe, tamin'ny 12 janoary 1967. Hetsika sy lanonana maro samy hafa no hanamarihana izany isantaona araka ny fanazavana izay nomen'ny kolonely Raberanto Alfred, mpiara-miasa teo aloha tamin'ny filoha Marc Ravalomanana.



*Ny andron'ny manamboninahitra teny Faravohitra.*

***Isambilo***

Minisitra Guy Rivo

## Miara-dia amin'ny filoha Ravalomanana hatrany

Tao aorian'ny fivoahan' ny vokatra ofisialin'ny fifidianana filohampirenena fihodinana faha-2, mitondra ny heviny momba ny raharahampirenena, sy momba ny Filoha Marc Ravalomanana, ny ministra Guy Rivo Randrianarisoa, ministry ny indostria sy ny fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina. “Marobe ireo lalana niarahana. Nampianatra ianao. Nanoro ianao. Nanitsy ianao. Nibedy ianao. Azoko lazaina fa noho ianao no nampiova ahy hijery akaiky kokoa ny mpiarabelona. Noho ianao no nahatonga ahy hahay hanetry tena. Noho ianao no nahatonga ahy hanakaiky kokoa an'Andriamanitra. Olombelona isika ka nanaiky ny didy nivoaka. Olombelona isika ka mbola manantena fa tsy maintsy takatry ny maro an'isa marina ny hevitra hentintsika. Mbola hijoro eo akaikinao foana hiasa ho an'ny tanindrazana sy hanasoa ny vahoaka Malagasy. Tsy mivadika isika fa mbola maro ny adidy sy andraikitra miandry ny TIM tarihinao Andriamatoa filoha Marc Ravalomanana. Ny soatoavina Malagasy kosa dia andraikitra ny mirary soa ny filohan'ny repoblika lany tamin'ny fanambarana nataon'ny HCC”, hoy ity ministra ity.



*Ny ministra Guy Rivo Randrianarisoa sy ny Filoha Marc Ravalomanana.*

***Nangonin'Isambilo***

Depiote Me Hanitra

## Ny hevitra politika tsy mitovy, aoka tsy ho entina hifamotehina

Mitondra ny heviny momba ny raharahampirenena amin'izao fotoana ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa, izay sady filoha lefitry ny Antenimierampirenena. Nanao izay tokony ho natao isika ary niezaka foana hoan' ny fitiavana ny Firenena fa indrindra, mba hamerina indray ny Filoha Ravalomanana ho eo amin'ny toerana nalaina taminy ankeriny. Tolona sy ady maro no natao sy natrehina: ady ho famerenana ny "ordre constitutionnel" nivezivezena tany Afrika tany: Maputo, Addis Abeba, Swaziland, Afrika Atsimo, Namibie,… Tsy nihemotra na inona nitranga fa nijoro hatrany. Nisy ambony nisy ambany, niaka- nidina teny ny fiainam-pirenena. Nisy vokatra nahafa-po fa nisy koa ny fahadisoampanantenana. Nisy ny tolona ho an' ny fanovana, nahafahana nanova ny lalàmpifidianana nanakana ny Filoha Ravalomanana tsy hirotsaka. Nanao ny ainy tsy ho zavatra isika nampandany azy. Isaorana antsika izany. Nitohy tamin'ny tolona ho an' ny fahamarinana izany. Samy mahalala isika fa fahamarinan' ny HCC no navoakany. Feno10 taona izao ny tolona rehetra. Tapitra iny "bataille " iny. Mikatona iny pejy iny. Misaotra ny Filoha Ravalomanana nijoro sy nanome ohatra tsara hoantsika. Mankasitraka azy manokana aho tamin'ny fahatokisana napetrany tamiko tamin' ireo asa nampiandraiketiny ahy, hoy Me Hanitra. Misaotra koa ny namana rehetra tsy ankanavaka, indrindra ianareo niaranitolona. Mahatsiaro ireo namoy ny ainy sy nodimandry. Misaotra ireo nanakana sy nanohitra antsika ihany koa satria raha tsy nisy izany tsy nisy antony ny tolona. Nampitombo ny traikefa sy fahalalana azoko ireny. Ny fifandraisako akaiky dia akaiky taminareo vahoaka Malagasy tsy ankanavaka tamin'ireny hetsika maro niarahantsika ireny dia lasa tombony sy tanjaka ho ahy ihany koa ka nahafahako nijoro hatrany. Fisaorana eram-po erantsaina ho anareo. Misaotra ny Fiangonana sy ny mpino rehetra nitondra ambavaka sy nankahery hatrany. Namoaka didy ny HCC. Tsy azo ivalozana izay. Nanaiky izany didy izany ny Filoha Ravalomanana. Mandala ny tany tan-dalàna sy ny demokrasia isika. Manaiky ny didy na tsy afapo aza. Saro-tadiavina ny marina kanefa ny marina dia marina foana. Ny fahamarinana no manandratra ny Firenena. Miarahaba ny Filoha vaovao sy mirary azy hahatontosa ny adidy sy andraikitrany. Manantena ny fanantanterahana ireo velirano nataony isika vahoaka. Firenena iombonana ity ka samy hitondra ny anjara birikiny avokoa hampandrosoana azy. Ny hevitra politika tsy mitovy, aoka tsy ho entina hifamotehina, hanagadrana na hanaovana antsojay. Miankina amin'izany ny fitoniana tadiavintsika. Izaho kosa mbola hijoro hatrany raha toa ka ilaina izany ho an ny Firenena sy ny Fahamarinana. Samy ho tahian'ny Tompo, hoy ity olomboafidy ity namarana ny fanambarany.



*Ny depiote Me Hanitra Razafimanantsoa.*

***Ny Valosoa***

*Ny Valosoa sy fakafaka*

## Repoblika inona izany izao ity miseho na kasaina hajoro eto ity ?

Hampizorina ho aiza ity firenena ity ? Fanontaniana mitambesatra ao an-dohan'ny olom-pirenena maro io ankehitriny, taorian'ny filazana fa tsy hisy fianianana amin'ny Baiboly sy fotoampivavahana amin'ny andro hanaovan'i Andry Rajoelina fianianana. Maro no nitodika tany amin'ny soatoavina sy kolontsain'ny Malagasy ny amin'ny fahatsiarovana mandrakariva an'Andriamanitra amin'ny fitondrana firenena. Ny mpanjaka Andrianamponimerina dia nanome lovantsaina tsara ho an'ny mpitondra fanjakana tamin'ny androny. Anisany nampahatsiaroviny ireo tandapa sy mpanolontsaina rehetra niaraniasa taminy mandrakariva fa adidy nomen'Andriamanitra Ilay Mpahary izao rehetra izao azy ireo ny fanjakana sy fiahiana ny vahoaka. Hadisoana tanteraka sy heloka eo anatrehan'Andriamanitra ny fampahantrana ny vahoaka sy ny fitondrana ny firenena any amin'ny lalan-diso haha mena-mitaha azy amin'ny firenen-kafa. Nampiavaka ity mpanjaka ity eo amin'ny tantaram-pirenena ny fahaiza-mitondra fanjakana sy ny fahendrena nananany, ary nisy fiantraikany tsara teo amin'ny vahoaka sy ny fanjakany izany. Nazava ihany koa ny lalan-kizoran'ny fanjakana tamin'izany. Maromaro ihany koa ireo mpanjaka nifandimby taoriany no nanome lanja an'Andriamanitra teo amin'ny fitantanana ny fanjakana ary tao anatin'izany mihitsy no nanorenana fiangonana teo akaikin'ny Lapa; ary isika eto Madagasikara irery ihany no manana izany toe-javatra izany…

Manao dingan-dava mankaty amin'izao vanimpotoana faharoa amin'ny Repoblika faha-4 izao isika. Sakodiavatra ny maro sy ny mpandinika ny raharaham-pirenena ankehitriny ny amin'ny anjara toerana hametrahana an'Andriamanitra izany eo amin'ny fitantanam-pirenena. Tsy mifanaraka amin'ny soatoavina Malagasy mihitsy ny "laïcité de l'Etat" izany, fa fisainana tandrefana napetraka amboletra tsy nakan-kevitra tamin'ny vahoaka Malagasy io. Foto-pisainana izay toy "ny randrana tsy manendrika ny hafa", isika Malagasy, fa noterena fotsiny ihany nataon'ireo mpitondra fanjakana. Teo hatrany mantsy ny fiheverana ny vahoaka ho toy ny zaza ka azo entina amin'izay tian'ny mpitondra hitondrana azy. Tsy nisy mihitsy ny fisainana mba hanontany ny heviny amin'izay lalan-kizoran'ny firenena. Efa ela anefa no tokony hanatanterahana izany eto. Ny fandinganana ny vahoaka fotsiny toy izany dia misy fiantraikany ratsy mandrakariva teto ary dia izao iaraha-mahita izao ny niafaràn'ny firenena. Olom-bitsy no manao izay hahatanterahan'ny heviny sy tetiny dia tereny fotsiny izay hahatongavana amin'izany na ho inona ny vokany. Tsy nahasoa ny firenena ny fanapahan-kevitra noraisin'olom-bitsy teto hatramin'izay. Mila mahay ny tantara ny olom-pirenena tompon'andraikitra…

Anisan'ny adihevitra mandeha ihany koa ankehitriny, ankoatra ireo efa teboka lehibe ao anatin'izany, ny amin'ny famaritana ny hoe : repoblika inona âry isika ity izany izao raha araka izay hiseho manomboka izao? Hiova ve izany ny ambara ao amin'ny savaranonandon'ny lalampanorenena ny amin'ny fanamafisana fa mino an'Andriamanitra ny vahoaka Malagasy, ary ahindrahindra ny maha Laïka ny fanjakana ary ho hatraiza izany? Misy karazany ny repoblika maneran-tany arakaraka ilay rafi-pitondrana ampiharina ao aminy. Efa misandrahaka amin'ny lafivalo maneran-tany rahateo ny firehan-kevitra isan-karazany izay misy mifanohitra, fa tsy mijanona fotsiny intsony amin'ny Tandrefana sy Tatsinanana talohan'ny taona 90. Koa mirona amin'inona izany ny eto Madagasikara izao? Adihevitra sy fanontaniana mila valiny izany, izay andrasana amin'ireo olona mpiseho mpamaritra ny politikam-pirenena eto.

***Sôh'son***

## Ny Valosoa sy hadihady

# Mpitondra vaovao : tsy manankina ny firenena amin'Andriamanitra

Nanaitra ny olompirenena maro indray, indrindra ny mpino kristiana, ny fanambaran'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana (HCC), fa amin'ny fotoana hanaovan'ny Filohan'ny Repoblika vaovao fianianana dia tsy hisy fotoampivavahana iraisam-pinoana sady tsy amin'ny Baiboly no hanaovana izany. Hiavaka tokoa ny handraisan'ny Filohan'ny Repoblika IV vaovao ny andraikiny satria hisy ny famindram-pahefana eo aminy sy ny Filohan'ny Repoblika hodimbiasany. Fifanolorana "lakile" no saritsarim-pamindrampahefana teo aminy sy ny Filohan'ny Repoblika IV voalohany lany satria filohan'ny tetezamita izy. Angamba, mety ho iny lakile iny ihany izany no hifanolorana. Tsy nisy tokoa izany famindram-pahefana izany teo amin'ireo Repoblika nifandimby. Nisy kosa anefa izany teo amin'ny Jeneraly Ramanantsoa Gabriel sy ny Kolonely Ratsimandrava Richard, ny volana Febroary 1975, ka nampalaza ilay fitenenana hoe: "Tsy hiamboho adidy aho 'mon Général'", tsy tamin'ny naha filohan'ny Repolika anefa izany fa famindram-pahefana ara-miaramila. Ny taona 1958 dia efa Repoblika no nijoro teto Madagasikara ary teo Mahamasina hatrany no nanaovan'ireo Filoha voafidy ara-pomba demokratika nifandimby fianianana. Nisy ny Antokom-pihira ara-pilazantsara nanafana ny fotoana, nisy ny fanompoam-pivavahana, napetraka teo ambony Baiboly ny tànana ankavian'ny mpianiana, ary natsangana ny tànany ankavanana. Voasoratra ao amin'ireo Lalàmpanorenan'ny Repoblika IV nifandimby ny fehezanteny "laïcité de l'Etat", izay midika ho tsy fitsabahan'ny fivavahana amin'ny fitantanana ny raharaham-panjakana. Tsy midika kosa anefa izany fa voarara tsy azo atao ny mivavaka ho an'ny Firenena sy ny mpitondra azy satria ny Hiram-pirenena Malagasy aza dia mangataka ny fitahian'ny Zanahary (Andriamanitra) ny Tanindrazana sy ny Mponina ao aminy. Ny fanontaniana mipetraka dia hoe: manotafady sy mifanipaka amin'ny "velirano" ve ny fametrahana ny tànana eo ambony Baiboly ? Amin'ny anaran'Andriamanitra ve no hanaovana fianianana fa tena hampandroso ny Firenena sy hanasoa ny vahoaka tokoa sa misy hery hafa iantoherana ankoatr'Azy ? Misy tranga mampieritreritra ihany koa dia ny fifandrifian'ny datin'andro roa, ny fihodinana faharoa tamin'ny fifidianana ny 19 Desambra sy ny fianianana ny 19 Janoary ary ny taona (20)19. Noferan'ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana tampoka ny fampitahana ny fitanana an-tsoratra sy ny biletà tokana ary nihazakazahana ny nametrahana ny vokatra vonjimaika tao amin'ny Fitsarana Avo momba ny Lalàmpanorenana. Nosakanana tamin'ny alàlan'ny fampiasan-kery ny fampisehoana ireo porofo momba ireo hosoka sy halabato teo amin'ny Kianjan'ny 13 Mey, mba hahazoana manao ny fianianana amin'io daty 19 Janoary io na dia ny 25 Janoary aza no tokony hanaovana izany. Raha nianiana ny nampifandrifiana ireo daty ireo dia efa tsy nankinina tamin'Andriamanitra ny fiainan'ity Firenena ity matoa manjaka ny kolikoly tsy misy mandàla izany fahamarinana izany intsony, mahantra fadiranovana ny 92% ny vahoaka kanefa milomano ao anaty harembe ny vitsy an'isa. Ny "kolikoly mahajamba ny mason'ny hendry, ary mamadika ny teny ny marina." Efa niala tamin'Andriamanitra ny gasy matoa mitranga izao toe-javatra iainany izao ary hatramin'ny mpitondra avy ankehitriny no efa tsy manankina ny fiainam-pirenena Aminy intsony. Nitondra am-bavaka ity Firenena ity ny ankamaroan'ny Malagasy ary efa nanantena fa ho tahin'Andriamanitra satria samy teny avy ao amin'ny Soratra Masina ny teny fanevan'ireto kandidà roa niatrika ny fihodinana faharoa ka: "…Ny fitiavana no lehibe indrindra…" ho an'ny K13 ary "Aza matahotra minoa fotsiny ihany" ny an'ny K25. Maizina aloha hatreto hoe amin'ny anaran'iza no hanaovana ny fianianana ary inona no hasolo ny Baiboly fa ny hangatahina mafy amin'ny Tompo dia tsy hanjaka eto amin'ity Firenena ity intsony ny asan'ny maizina sy ny asan'i satana izay rain'ny fikotranana sy rain'ny lainga.

**Andry Tsiavalona**

Pr Harimalala Joseph

## Voka-pifidianana : fizahan-toetra ny fanahy ao anatintsika

Mbola mifantoka tanteraka tamin'ny fifidianana filoham-pirenena izay nankatoavin'ny HCC farany teo ny resaky ny olona hatramin'izao. N'inona n'inona lazaina sy fanazavana entin'ny CENI sy ny HCC dia tsy azo antoka sy nadio iny fifidianana iny, kanefa na izany aza hoy i Pr Harimalala Joseph dia hisaorana an'Andriamanitra hatrany izany. Matoa hoy izy ireny no nitranga dia teo Andriamanitra nandahatra ny zavatra rehetra, araka ny tenin'i Jesosy Kristy tao amin'ny bokin'i Jeremia 29:11 manao hoe: "Fa izaho mahalala ny hevitra iheverako, hoy Jehovah, dia hevitra hahatonga fiadanana fa tsy loza, mba hanome anareo fanantenana ny amin'ny farany". Araka izany dia tsy hoe mankasitraka ny vokapifidianana tao anatin'ny tsy fahamarinana akory Andriamanitra sanatria fa araka ny tenin'i Jesosy Kristy ao amin'ny Korintiana voalohany 13:6 izay milaza manao hoe: "Tsy mifaly amin'ny tsy fahamarinana, fa miara-mifaly amin'ny fahamarinana kosa", fa matoa navelany hiseho ireny dia mba ho fizahan-toetra ny fanahy ao anatin-tsika raha toa ka an'i Jesosy Kristy tokoa isika na tsia, araka ny voasoratra ao amin'ny Jaona voalohany 4:1 manao hoe: "Ry malala, aza mino ny fanahy rehetra, na avy amin'Andriamanitra ireny na tsia satria maro ny mpaminany sandoka efa lasa any amin'izao tontolo izao". Araka izany dia miantso antsika Jesosy Kristy ankehitriny raha toa ka tian-tsika ny ahavoavonjy ity Madagasikara ity, koa ndeha handray ilay Fanahy masina tsara indrindra ary hanamafy orina ny finoana an'i Jesosy Kristy araka ny teniny ao amin'ny Galatiana 6:7-8 manao hoe: "Aza mety ho fitahina hianareo; Andriamanitra tsy azo vazivaziana, fa izay afafin'ny olona no hojinjainy. Fa izay mamafy ho an'ny nofony dia hijinja fahasimbana avy amin'ny nofo ary izay mamafy ho an'ny fanahy dia hijinja fiainana mandrakizay avy amin'ny fanahy". Noho izany dia antso avo no ataon'Andriamanitra amin'izao tranga miseho izao mba hiverenan-tsika marina aminy araka izay ambarany ao amin'ny Jeremia 3: 14-15 manao hoe: "Miverena ry zaza mpihodina, hoy Jehovah, fa izaho ihany no vadinareo, ary angalako iray isan-tanàna hianareo sy roa isam-pokony, ka hoentiko ho any Ziona hianareo dia homeko mpitondra araka ny sitra-poko hianareo, izay hitondra anareo amin'ny fahalalana sy ny fahendrena". Noho izany ry vahoaka Malagasy dia mbola miala nenina amintsika Andriamanitra amin'izao ankehitriny izao, mba hiverenan-tsika ao aminy ary tsy hiverina intsony fotsiny ihany fa tena hifona sy hiaiky heloka eo anatrehan'i Jesosy Kristy satria mpanota tsy mendrika araka ny ambaran'ny bokin'ny tantara faharoa 7: 14 manao hoe: "Raha ny oloko izay nantsoina amin'ny anarako no ho avy hanetry tena ka hivavaka sy hitady ny tavako ary hiala amin'ny ratsy fanaony dia hihaino any an-danitra Aho, ka hamela ny helony ary hahasitrana ny taniny". Fa etsy andaniny dia nisy ny fankaherezana ny filoha Marc Ravalomanana ho an'ny vahoaka Malagasy amin'izao faharesena tsy ara-drariny navoakan'ny HCC iny izao dia mampahery antsika rehetra na nifidy na tsy azy dia aoka ny fihavanana re no hampanjakain-tsika, ka atsahatra ny fifanenjehana sy fifankahalana izay hisaorana, fa nivoaka ireo notanana tamin'ny fitakiana ny fahamarinana sy ny mangarahara farany teo ireny, izay midika fa ny marina hatrany tokoa. Satria raha iny voka-pifidianana iny dia mampahatsiahy ny tantaran'ny tompo, izay natakalo ny jiolahy ny olo-marina satria dia naleon'ny olona i Barabasy izay jiolahy rain-dahiny sy mpamono olona no navotsotra, fa ny tompo olo-marina no nofantsihina tamin'ny hazo fijaliana sy novonoina, ka rehefa nitsangan-ko velona izy vao fantatry ny olona ny asa soa nataony, ary ho fantatry ny HCC any aoriana any fa ho olo-marina no hameno ny fonja fa ny jiolahy hiriaria aty ivelany!

**Lezama**

## NY TENY FIAINANA

*II Samoela 22:26*

*Ny olona tsara no isehoanao fa tsara;*
*ny tena olo-marina no isehoanao*
*fa marina.*

facebook NY VALOSOA

## Malaza ny filoha Ravalomanana noho ny fanetren-tenany

**Fafara Romy :** nareo ve 'reto tsy mahatsapa fa Atoa Marc Ravalomanana indray ity no malaza @zao. Ny antony raha amiko dia noho izy nanaiky resy t@ fahamarinana, noho ny fanetrentenany. Midera sy miteny azy daholo ny olona na ireo nifidy azy na tsy nifidy azy ary ireo tsy nifidy mihtsy aza no tena midera azy.

**Tovo Miharisoa :** tena lasa point fort-ny fandeferany t@ iny voka-pifidianana iny. Ary ny marina tsy mba maty fa tsy maintsy hipoitra foana na ho ela na ho haingana.

**Jonas Ranarison :** mametrak vainafo ambony lohan'i Eric kely izy !!!!
Olona mino ny mandrakizay sarotra hiadivana !!!!

**Andreas Ravonisson :** Lohalika sy laferana io ka izay mandefitra no mandina e!

**Fanantenana Yannah Tsiky :** tena marin mits zan ry andreas a, ny marina tsy maty fa tsy maintsy hipoitra foana, mino sy manantena foana isika, mitraka toa an'i Dada.

**Joany Sezar :** mankasitraky an'i Dada isika mpomba azy e, zahay aty amin'ny faritra koa Filoha Ravalomanana avao.

**David Andriamboavonjison :** fa ny Hendry dia hamirapiratra tahaka ny famirapiratry ny vonināhitry ny lanitra. Fa ny tsy mitompo amin'Andriamanitra sy milaza tsy hampiasa baiboly kosa dia hahita ny tsy fahitany.

**Arp Helisoa :** misongadina foana ny manao ny marina e!

**Haja Ramanana :** ny marina tsy mba maty, miomana sahady isika hahazo ny maro an'isa amin'ny depiote manerana ny Nosy, sy ny ben'ny tanàna koa.

**Gerard Razafimahefa :** tena olon'Andriamanitra marina ny filoha Marc Ravalomanana.

## TONONKALO

# Nahita fianarana ...

Ireo izay miseho ho nahita fianarana ,
Ireo no matetika mampahonena,
Fa manome vahana ny fangalarana
Sy fandrobana an`ity firenena!

Nahita fianarana ireo izay nijoro
Sy nikarakara an`ireo fifidianana.
Mihambo fa zatra , tsy mila atoro,
Kanefa dia "fotaka" ny fanomanana !

Nahita fianarana ireo izay namoaka
Ny vokatra heveriny fa "tena izy".
Kanefa ny maro amin`iretsy vahoaka,
Mitsara azy ireo ho mpanao ambozizy.

Nahita fianarana ireo izay napetraka
Hitandro sy hiantoka ny filaminana.
Nefa dia ireo indray no toa mihetraketraka,
Manosihosy ny fahamarinana!

… Nahita fianarana daholo ireny,
Fa ny fahendreny no latsaka angamba,
Ary izao no manjo an`ity fireneny
Satria vola ny azy dia ampy hahajamba !

**SEDERA RAVALISON (12-01-19)**

TMMR

## Tsy mivadi-belirano amin'ny Filoha Ravalomanana



Ny sasany amin'ireo mpikambana TMMR.

Tao aorian'ny fanambarana ny vokatra ofisialin'ny fifidianana nataon'ny HCC, Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana, misy ny fanambarana avy amin'ny Tmmr (Tanora Manohana an'i Marc Ravalomanana), mahakasika ny toerana misy azy ankehitriny. Manoloana ny kihon-dalana izay lalovan'ny firenena toy ny misy ankehitriny hoy ny fanambarana dia maro amin'ny olona no mametra-panontaniana hoe aiza ho aiza ny toerana misy ny TMMR, koa aoka ary hazava hoy izy ireo fa :

-Ny TMMR dia tsy miova anarana fa mijanona amin'izay anarana efa nahazatra hatramin'izay dia ny hoe "Tanora Manohana an'i Marc Ravalomanana".

-Ny TMMR dia tsy miala amin'ny tanjona efa napetraka hatrizay dia ny Fanohanana ny Filoha Ravalomanana ary tsy mivadi-belirano aminy.

-Ny TMMR dia mbola vonona ny hiatrika ireo fifidianana mbola hoavy rehetra eo ary vonona amin'ny fanohanana sy ny fandraisana anjara amin'izany fifidianana izany.

-Ny TMMR dia tsy maty akory na rava, fa vao mainka hampiroborobo azy, ireo sedra sy lalana nolalovany.

-Ny TMMR dia iray tsy mivaky ary Tarihan'ny Filoha Nasionaly Rakotoarimamonjy Solofonirina T. (Dit Mamonjy Ny Rina ), sy ireo birao mpitantana miaraka aminy, na Nasionaly na Rezionaly.

-Ny TMMR dia vonona hiarahiasa amin'ireo izay manana fomba fijery mitovy aminy ary vonona hampandroso ny Firenena, sy hizara ny traikefa ananany.

-Ny TMMR dia hanaramaso akaiky ny fomba fiasan'ny fanjakana vaovao hijoro eo, ka hitondra tsikera manoloana ny tsy mety ataony.

-Ny TMMR dia hijoro hatramin'ny farany, sy vonona hiatrika ny sedra maro isan-karazany ary vonona ny hitondra lesona tsara sy azo alaintahaka eo amin'ny sehatry ny fanaovana politika.

-Ny TMMR dia mankatoa sy vonona hanatanteraka hatrany izay toromarika omen'ny Filoha Marc Ravalomanana.

***Ny Valosoa***

Com-TIM Ambositra

## Hanomana ny fifidianna ho avy sahady

Tafaresaka tamin'ny filoha lefitry ny Com-TIM any Ambositra faritra Amoron'i Mania, Rakotomalala Andrianaivo Jean Marcel, ny gazety Ny Valosoa Vaovao, momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana. Nambarany tamin'izany fa araka ny hafatra sy ny toromarika nomen'ny Filoha Marc Ravalomanana tao aorian'ny fanambaran'ny HCC ny vokatra ofisialin'ny fifidianana filohampirenena fihodinana faha-2 dia hiaina ao anatin'ny fitoniana ihany koa ny mpikambana TIM sy ireo mpomba ny filoha Marc Ravalomanana rehetra tsy ankanavaka. Izany ho izy dia ho fanehoana, fa tena mpanao politika mendrika ny mpanao politika sy ny mpiara-dia aminy, izay eo ambany fitarihan'i Dada rahateo. Noho izany hoy ity filoha lefitry ny Com-TIM Ambositra ity, hamondrona ireo mpikambana rehetra izy ireo ato ho ato, hanome ny toromarika vaovao amin'ny ho fiatrehana ireo fifidianana ho avy toy ny fifidianana depiote, ny fifidianana ben'ny tanàna,… Mahakasika izay dia nosoritany fa hisy ny fisokafan'ny TIM amin'ny hery rehetra mitovitovy tamin'ny K25 teo ihany, karazana "plateforme", hisy ny fiaraha-miasa sy ny firesahana mialoha momba izany, mba tsy hisaritaka ny fanomanana sy ny fikarakarana rehefa tena akaiky ireo fifidianana ho avy.



Rakotomalala Andrianaivo Jean Marcel, filoha lefitry ny Com-TIM Ambositra.

***Isambilo***

## An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Njaka, Helisoa

Ny filoha Ravalomanana niara-nankalaza tamin'ireo mpiara-miasa taminy ny andron'ny manamboninahitra teny Faravohitra.







Ny mpiara-miasa amin'ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana akaiky tonga niarahaba azy tratry ny Asaramanitra tetsy Lapan'ny tanàna Analakely.





## Joba 8: 5-6-7

# Faminaniana sy fanambarana ho an'izao tontolo izao (GV 102), Madagasikara 12 janoary 2019

***Joba 8: 5-6-7 "Fa raha ianao kosa mandroso mitady AHY JEHOVAH ka mifona AMIKO Tsitoha. Ary raha madio sy mahitsy ianao, dia hifoha hamonjy anao tokoa AHO ary hampiadana indray ny fonenan'ny fahamarinanao, Ka na dia kely aza no niandohanao, dia ho lehibe indrindra no hiafaranao"***

Ry olomblona ô! Hitako ary tsinjoko aty ambony fa miafina aminareo ny fahamarinako ka izany no mahatery AHY JEHOVAH manambara! Mampalahelo anefa fa IZAHO indray no lazainareo fa sandoka, tsy izy mampivilivily sain'olona. Tsia rankizy, sao dia hianareo manohitra ny teniko sy tsy manaiky an'i JESOSY izany? Avelao AHO hiteny, avelao AHO hampianatra fa tsy fantatrareo ny zava-miafin'ny FANJAKAKO. Mandrosoa hianareo mitady AHY sy mampanjaka an'i JESOSY eo amin'ny fiainanareo fa tampoka anie ny zavatra ho avy e! Fa madio va hianareo? Efa nifonanareo va ny fahadisoanareo sy fahotanareo? Aza tsinontsiniavina re AHO ! Aza tsaratsaraina koa e! Fombako ny nampiasa mpanompo araky ny fahitako anareo tsirairay. Samia mibebaka fa samy handalo ny fitsaràko daholo anie e! N'iza n'iza! Ny mponin'ny tany ô! JEHOVAH no Anarako mandra-pahatongan'ny fotoana izay iraisan'izao tontolo izao ho iray ihany ny fiteny, ny fomba, ny fanompoana, ny finoana, ny batisa, eny hatrany amin'ny FANJAKAKO fa izany no tanjoko. Hafahafa aminareo fa IZAHO NO JEHOVAH ary JESOSY no Mpanjaka; IZAHO no namorona izao tontolo izao, tsy misy hainareo ao amin'izay noforoniko ka izany no itenenako sy ampianarako ka aza sakanana. Raha madio sy mahitsy ianao dia ho avy hamonjy anao sy ny firenenao AHO. Madiova saina, madiova fo, mba hahatongavako hamonjy ny tany. Mety aminareo ve izao ambony-ambany izao, mety aminareo ve izao tsy misy fiadanana izao? Tsy mety AMIKO JEHOVAH ka izany no mahatonga AHY mampianatra, manolo-tsaina, milaza zavamiafina aminareo. Ilainareo izany ka mba ekeo ihany ry mponin'ny tany. Tampoka anie ny zavatra hitranga ambany masoandro e! Sady tsy misy manam-po, tsy misy mahita vahaolana ny olombelona. Betsaka izay fampianarana sy tolotsaina nomeko izay fa indrisy fa IZAHO indray no enjehina sy tsy avela ho fantatra. Raha misy mahavonjy izao tontolo izao any aminareo, avoahy fa izany no andrasan'ny olona, dia ny fanahiny voavonjy, ny fanahiny mahery, ny TENIKO iainany, ny fanompoany an'i JESOSY ary ny finoany sy ny fanantenany ny fiainana mandrakizay. Izany ry mponin'ny tany no tanjoko ka andao ampitoviana ny tadin-dokanga e! Ny tena tiako indrindra sy ny nanirahako an'i JESOSY eo aminareo dia haka anareo ho AHY JEHOVAH, hiverina AMIKO indray. Aza hadino fa ny hampanjaka ny fahamarinako no tanjona. Ry mponin'ny tany ô! Tiavo AHO e! Ekeo AHO e! Araho AHO e! Mba inoy ihany AHO ry zanak'olomblona ô! Fa zava-miafina aminareo ny ho avy. I losifera anie ka efa vonona amin'ny lafiny rehetra e! Ny azy dia ny handringana sy ny hamono ihany, ary hianareo no vonoiny amin'ny fomba hafahafa sy mampalahelo. Izao no hafatra: tsy misy fantratrareo ny AMIKO kanefa tokony ho fantatrareo tsara mba tsy hisy fahadisoan-kevitra eo aminareo. Izay kely sy bitika io. Raha mahay miara-mandeha AMIKO hianareo dia izao no marina: miha-hita AHO JEHOVAH, miha-fantatra AHO, raisin'ny olona, eken'ny olona. Rehefa fantatra AHO amin'ny alalanao dia tsara antoka ny fiainanao, ny ampitsonao, ny mandrakizainao, izay ilay fiafaranao lehibe indrindra. Izao no hafatro ho anao manokana. Vaovao ny taona! Tokony hisy zava-baovao koa miaraka aminareo fa aza dia variana loatra e! Vakio daholo ireto teny ireto dia iaino tsara aza avela handalo fotsiny: ***Ohabolana 20/27 – Asan' ny Ampostoly 5/39 – I Korintiana 7/19-20 – I Korintiana 13/4-9 – II Korintiana 13/8-10 – Galatiana 3/1-5 – Galatiana 4/28 – Galatiana 6/18 – Titosy 3/1-2 – Hebreo 6/9-12 – Hebreo 11/1-2 – Jakoba 3/2 – I Petera – Jakoba 5/9-10 – I Petera 3/ 10-13 – II Petera 3/ 17-18 – I Jaona 3/7-11 – I Jaona 5/4-21*** – Vakio tanteraka ny JODA sy ny APOKALYPSY manontolo.

Amen! Haleloia!
JEHOVAH MPANJAKA MANDRAKIZAY

E-mail:
jehovahandriamanitra@gmail.com

Facebook : Jehovah Andriamanitra page

Radio:

Antsiva, FM 97.6, Alarobia maraina 5ora 45min- 6ora

Soa Radio, FM 96.8, Alahady maraina 6ora 30min -7 ora

RMK, FM 102.4, Asabotsy 12 ora - 12 ora 30min

Gazety Ny Valosoa Vaovao (www.gvalosoa.com): mivoaka Talata sy Asabotsy

## CUA – SAMVA - APIPA

# Hodiovina ireo lakan-drano tsy nisy nanadio nandritra ny fotoana maro

Nanatanteraka fivoriana handinihana ireo lamin'asa mahakasika ny fanadiovana goavana ireo lakandrano eto amin'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA), ireo rantsamangaika avy eo anivon'ny Kaominina, ny Apipa ary ny Samva omaly, tao amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely. Ity fivoriana ity, izay notarihan'ny Lefitra Voalohan'ny Ben'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra, Olivier Randrianarisoa. Tapaka teo anivon'izany fivoriana izany fa hatomboka anio talata 15 Janoary 2019 ny fanadiovana ireo lakan-drano izay tsy nisy nanadio nandritra ny fotoana maro, toy ny eo amin'ny Petite Vitesse izay mirefy 300-400 metatra eo ho eo, ny Grand chainal ary ny « chambre à sable » ao amin'ny Boriboritany Voalohany. Rehefa vita izay dia eny amin'ny faritra Ambodin'Isotry, Antetezana Afovoany no hanohizan'ireo ekipa mpanatanteraka ny asa, ao aorian'izay kosa dia eny Andranomanalina I sy



*Fivoriana momba ny mety ho fiantraikan'ny loza voajanahary, tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely.*

Afovoany indray ireo mpanadio ary avy eo dia hihazo eny Soavinandriana, Ampandrana, Besarety. Ankoatra izany ihany koa, hisy ny fangatahana fiaraha-miasa amin'ireo sefo distrika sy ireo orinasa manerana ny Boriboritany mba hanome « moto-pompe » sy solika mba hahafahana mitroka ireo rano mihandrona eny amin'ny faritra maromaro toy ny eny Ankorondrano Andranomahery, Ampefiloha Ambodirano, Ankazomanga ary Tsaramasay. Araka ny nambaran'ny Tompon'andraikitra avy eo anivon'ny GRC (Gestion des Risques et Catastrophes) ny Kaominina Antananarivo Renivohitra, kolonely Jaona Andrianaivo dia azo heverina ny hidinan'ny hahavon'ny rano eto an-dRenivohitra rehefa tapitra voadio ireo lakan-drano ireo. Ankoatra izay hoy izy dia entanina ihany koa ny vahoaka mba samy hitandro sy hikajy ny fahadiovana, tsy hanary ny fako any anaty lakan-drano, hikolokolo ireo fotodrafitr'asa ary tsy hanorina eny amin'ireo faritra tsy azo anorenana. Nilaza ihany koa ity farany, fa maro ireo voka-dratsy ateraky ny fiakaran'ny rano, noho izany dia entanina ny tsirairay mba handray ny andraikitra tandrify azy avy.

***Isambilo***

## CUA

# Hisy ny vokatra azo tsapain-tanana ato anatin'ny 100 andro

Tonga niarahaba ny Ben'ny Tanànan'ny Kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) Lalao Ravalomanana, tao amin'ny Lapan'ny tanàna Analakely, noho ny fahatongavan'ny taom-baovao 2019 ireo mpiara-miasa akaiky aminy, notarihin'ny lefitra voalohan'ny Ben'ny tanàna, Olivier Randrianarisoa, ny lefitra faharoan'ny ben'ny tanàna, Todisoa Andriamampianina, ny Sekretera jeneralin'ny CUA, Heriniaina Razafimahefa, sy ireo tale isantsokajiny ary ireo delegen'ny Boriboritany 6 eto an-drenivohitra omaly. Vonona hatrany ireo mpiara-miasa ao anivon'ny Tanànan'Antananarivo Renivohitra hifanome tanana amin'ny Ben'ny tanàna Lalao Ravalomanana ary hanohy ny asa ho tsaratsara kokoa mihoatra noho ny tamin'ny taon-dasa. Eo anatrehan' izany dia nanome toro-marika ny Ben'ny Tanàna Lalao Ravalomanana raha nankasitraka ireto mpiara-miasa aminy ireto, ny hiasa mafimafy kokoa mialohan' ny fahataperan'ny fotoam-piasany, izay hifarana amin'ity taona 2019 ity. Mila miaramiasa tsara, hanao izay fara hery isika, hoy ny Ben'ny tanàna mba ho fitaratra eto amin'ity renivohitra ity, izay soa iombonan'ny Malagasy. Mila ezaka lehibe mihoatra ny asa efa natomboka tamin'ny taona lasa iny izany. Asehoy amin'ny vahoaka fa miasa ho azy ireo hatrany ny CUA ary hentitra ny tenany nilaza fa ao anatin'ny 100 andro dia tsy maintsy misy ny vokatra amin'ny sampandraharaha isanisany avy. Asa mivaingana sy azo tsapain-tanana no tsy maintsy ho hita mandritra io fe-potoana io. Nanamafy izy eo amin' ny fanatanterahana ny asa fa mila manova fihetsika ny eo anivon'ny fiadiana ny Tanàna, mila firaisankina amin'ny tsirairay avy tsy ankanavaka izany. Nambarany fa misokatra amin'ny rehetra hatrany ny varavaran'ny ben'ny tanàna sy ny Lapan'ny tanàna Analakely.

***Rajaonarimpanontsana***



*Ny fiarahabana ny ben'ny tanàna tao amin'ny Lapan'ny Tanàna Analakely.*

TRANGA

## Tovolahy iray tsy hita miaraka amin'ny fiara Sprinter nentiny

Miha-miseho lany indray tato ho ato ny fiarakodia tsy hita miaraka amin'ny mpitondra azy, noho ny antony samy hafa. Ao no nisy nanofa dia nangalaran'ireo mpîndrana ny fiarakodia ary novonoiny ny mpamily, ao koa anefa mety ho ny mpamily mihitsy no manatanteraka ny halatra. Tranga iray amin'izao fiandohan'ny herinandro izao: Rajaonarison Jean Michel, tovolahy mirefy 1,65 m, zarazara fihodirana, nanao tee-shirt miloko mangabe, jeans mangabe, casquette maintso, salama saina tsara. Tsy hita niaraka tamin'ny fiara Sprinter fotsy 311 Cdi fourgon laharana 6379 TBJ izay nentiny. Araka ny fampitam-baovao, mangataka ireo izay mahita azy na manana vaovao mahakasika ity raharaha tsy fahitana olona sy fiarakodia Sprinter ity, mba hiantso ny laharana 034 92 555 17.

***Ny Valosoa***



*Ilay tovolahy tsy hita niaraka tamin'ny Sprinter nentiny.*

Boriboritany faha-3 CUA)

## Nifampiarahaba tratry ny Asaramanitra ny sekretera sy mpitam-bolan'ny fokontany

Amin'izao tonontaona izao dia tonga niarahaba nahatratra ny taona 2019, an'ireo mpitantana tao amin'ny Boriboritany fahatelo, kaominina Antananarivo Renivohitra (CUA) ny faran'ny herinandro teo, ireo sekretera sy mpitatam-bola avy ao amin'ny fokontany miisa 34 manerana ny boriboritany fahatelo . Izany dia notontosaina tao amin'ny birao Antaninandro. Marihana fa efa fanaon'izy ireo isantaona izao hetsika izao, mba ho fanamafisana ny fiaraha-miasa sy ny firaisankina eo amin'ny 2 tonta. Araka izany dia nisy ny solom-bodiakoho avy amin'izy ireo, natolony ny Delegen'ny boriboritany Hery Razafintsalama sy ny lefiny ary ny mpiara-miasa aminy. Nankasitraka ny fahatsiarovana izay nataon' izy ireo ny mpitantana ary nirary soa sy nitsodrano amin'ny zavatra ataony. Nisy ny sakafo tsakitsaky niarahana tamin'izany sy ny fizarana ny mamy, mba ho mariky ny hafaliana teo amin'ny rehetra.

***Aly***



*Ny fifampiarahabana tratry ny taona tao amin'ny Boriboritany faha-3.*

Raharaham-pirenena

## Aza atao z'inona ny Baiboly, tenin'Andriamanitra

Niteraka resabe nandritra ny fiandohan'ny herinandro ity ny filazana avy tamin'ny HCC, ny tsy hisian'ny fotoam-pivavahana sy fianianana amin'ny Baiboly, amin'ny fotoan-dehibe hanaovan'ny filoha vaovao fianianana etsy Mahamasina amin'ny Sabotsy faha19 Janoary ho avy izao. Ekena fa tsy voafaritra mazava ao anaty Lalam-panorenana izany saingy amin'ny Malagasy tsy vakivolo, rehefa misy zavatra hatao na dia ny hihinam-bary aza dia misaotra sy midera an'Andriamanitra na ny Zanahary , vao mainka moa ka raharaham-pirenena lehibe tahaka itony. Raha sendra misy mahazo ny Malagasy na amin'ny soa izany, na amin'ny ratsy, na amin'ny fifaliana, na ankaratsiana dia ny anaran'Andriamanitra avy hatrany no ao am-bavany sy mby ao an-tsainy mandrakariva. Apetraka eo ambany fitahian'ny Tompo Tsitoha foana ny fiainan'ny Malagasy ary izay no mampiavaka azy amin'ny firenena hafa. Ny tonon-kira ao amin'ny hiram-pîrenena aza moa mbola manao hoe : « Tahionao ry Zanahary, ity Nosindrazanay ity », ka heverina fa tsy fahadisoana na fahotana mahafaty velively ny mitodika amin'ilay Nahary raha toa hanao fianianana izany. Ny mifanohitra amin'izay no mampahatahotra ary ireharehan'ny sasany mihitsy ny tsy fanaovana izany ankehitriny . Ny lalam-panorenana dia nosoratan'olombelona fa ny Baiboly kosa tenin'Andriamananitra velona, ka asa raha mba fantatr'ireo izay manao z'inona ny tenin'Andriamanitra ny halehiben'izany fangataham-pitahiana amin'ilay Mpahary izany. Noho izany tsy tokony hatao z'inona ny Baiboly sy ny tenin'Andriamanitra.

Toa alaim-panahy ihany ny mpandinika sasany manao hoe : olona tsy mino an'Andriamanitra angamba ilay hanao fiainianana no dia hanaraka izay hevi-diso izay. Ireo mpitondra fivavahana koa dia mety ho tafintohina amin'izao fihetsika izao satria efa nanambara ombieny ombieny izy rehetra ireo na Kristiana io, na Silamo, na antokom-pivavahana samihafa, fa mila mitodika amin'Andriamanitra ity firenana Malagasy ity, raha tiana ny ho tafita. Izay fisintahana amin'ny Tompo izay tokoa mantsy no mahatonga izao fahalotoana sy faharatsiana iainantsika rehetra izao. Na ny dahalo sasany aza efa niova fo . Ny antony iray ihany koa mampieritreritra dia ilay hitondra ity firenena ity no tokony hitarika ny vahoaka iray manontolo ho any amin'ny lalana tsara kokoa, dia ny manaraka ny Dian'ny Tompo izany. Vao manomboka ny fitantanana dia efa hisintaka amin'Andriamanaitra sahady ve ? Ka angamba tsy ho diso ny hevitra sasany milaza fa ny silamo mahery fihetsika indray ve no ho tompoina ?

***Rajaonarimpanontsana***

## Taratasin'ny mpamaky

Taratasy ampitaina amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao sy ny mpamaky azy izao manaraka izao : tranga nampalahelo niseho teny amin'ny lalam-pirenena fahaefatra omaly. Fijoroana vavolombelona: "maty tato anaty firako ity olona ity rehefa nalefan'ny Hopitaly Ankazobe hotsaboina aty Antananarivo. TOA IZAO NY ZAVA-NISY TENY ANDALANA: nandeha somary mafimafy izahay niakatra Tana, saingy rehefa teo Andranovelona dia tapaka tanteraka ny lalana noho ny fety nataon' ny MINISTERAN'NY VOLA (nataon'zareo fiantsonan'ny fiara ny ilany havia sy havanana).

Afaka ihany rehefa niandry 40 min teo ho eo. Rehefa afaka ny tetezan'Antsevabe dia tonga avy ato aoriako ny fiaran' ny ministra angamba. Nangata-dalana tamiko izy saingy nisy camion nifanena dia tsy afaka. Avy eo dia nomeko lalana ny iray saingy fiolanana be no niandry anay teo aloha dia tsy afaka nisongona ny faharoa. Tezitra noho izany ity voalohany ka nanery ahy ijanona, tsy nanampo io fijanonany io ny fiara faharoa ka nifandona ry zareo ary vaky ny jiron'ny faharoa, ny iray simba ny tao aoriana. Tsy nisy resaka fa nivoaka ny mpiambina iray ka avy hatrany dia nikasa ny hikasi-tanana ahy. Novaliako fa tsy tokony hikasi-tanana. Nahita izany ireo mpandeha ka niaka-peo satria tena marary ilay nentina. Lehilahy lehibe iray no nivoaka ka rehefa niteny ny antony tsy nanomezako lalana ka rehefa notenenina fa marary no entina dia niala izy. Nangataka ny andeha aho dia nalefany, saingy rehefa teo MaHITSY dia nobahanany indray izahay ka nanontaniany ny hopitaly itondrana ilay marary dia novaliana fa HJRA. Miandry anao any zahay hoy izy fa ianao mila manaraka anay, eny, hoy ny tenako. Nony tonga teo Andranomena anefa dia tsy tana ny ain'ilay marary. Nangataka ny tompo-manjo ny hiverina avy hatrany any Ankazobe.

Atao ahona moa fa izay no fandaharana ho an'ny maty ary mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany.

Tsy omeko tsiny ihany koa ny fiaran'ny MINISTERAN'NY VOLA raha toa ka tezitra tamiko satria tsy tao anatin'ny fahalalana ny zavatra natrehako ry zareo.

NOHO IZANY: miala tsiny amin'izay tompon'andraikitra ambony tao anatin'iny fiara iny, fa aina no noezahana novonjena. Tsy tonga tany amin'ny HJRA ny tenako raha niandry ahy ianareo noho ireo antony ireo.

Misaotra indrindra.

***R.H.***

***Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao***

Sabotsy Antongona

## Natevenina ny fambolena an-tsekoly ao amin'ny Lycée Saint Gabriel

Nanamarika ny andro iraisam-pirenena iadiana amin'ny hanohanana ny mpianatry ny Lycée Saint Gabriel ao Sabotsy-Antongona, amin'ny ilan'ny avaratra-atsinanan'ny distrika Arivonimamo iny ny sabotsy 12 Janoary lasa teo. Nanatevina ny fambolena tsaramaso sy katsaka tao an-jaridainan'ny Lycée no nataon'izy ireo, niarahany tamin'ireo mpikambana avy amin'ny fikambanana mpanao asa soa Lions Club Antananarivo Farimbona. Ho fanatsarana ny sakafo haroso amin'ny toeram-pisakafoanana an-tsekoly, na cantine scolaire ho an' ireo mpianatra any an-toerana no isan'ny tanjona amin' izao ezaka izao. Miara-misalahy ihany koa hatramin'izay ho fanaovana ny fambolena an-tsekoly izao ny mpianatra sy ny mpampianatra ary ny mpandraharahan'ny sekoly.

***Aly***

**PRIERE AU SACRE CŒUR**



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue. Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Narindra R**

**SARIITATRA:** Misy building koa ve any Tsiafahy ?



## Mpiandry raharaha

**PHARMACIE DE GARDE**
**12/01/19 hatramin'ny 18/01/19**

- **CAPITALE** (Rond point Ankazomanga) 020 24 373 11 / 033 28 693 88
- **AMPANDRANA** (Ampandrana) 020 22 258 99 / 034 19 341 82
- **RABARISOA** (Andravoahangy près BOA ex imm Soloprix) 020 22 229 86 / 034 07 229 86
- **MAHAMASINA** (Mahamasina) 020 22 545 58 / 020 22 545 59 / 034 07 545 58
- **ISORAKA** (Isoraka) 020 22 285 04/020 22 694 12

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange : 032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 300 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 861-01-19
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

### TAPANY AVARATR'I MIANDRIVAZO

# Mampalahelo fa mifamono ny samy fokonolona

Efa tsy asan-dahalo intsony no mitranga ao amin'ny kaominina roa dia Betsipolotra sy Ankavandra, izay samy ao anatin'ny Distrikan'i Miandrivazo ankehitriny. Fifanafihana noho ny disadisam-piarahamonina, izay nitranga efa an-taonany maro ary mbola mitohy amin'izao fotoana no misy any an-toerana. Tanàna maro no mifanafika, mifamono ary mifandrava fananana, misy ihany koa fanafarana mpikarama an'ady avy any ivelan'ny faritra mihitsy entina hanampy tosika ny mpiady ao an-tanàna. Mizaka ny vokatry ny ady ny zaza amam-behivavy ary mitsoaka any an'ala. Tanàna roa antsoina hoe Ankilimanarivo sy ny ao Ampoza Betsipolotra no niantombohan'ny ady, famonoana mpandraharaha sy fahaverezana basy nataon' andian-dahalo, izay noheverin'ny ankilany ao Ankilimanarivo ho voakarama. Io fifamaliana io no mbola tsy misy fijanonany hatramin'izao ary miitatra amin'ireo tanàna maro amin'ny tapany avaratra ny disitrikan'i Miandrivazo iny ary mipaka any Bongolava sy Melaky. Efa nisy ny antso avo nataon'ireo mpitondra sy ny fokonolona any an-toerana ary nanomezana andian-tafika napetraka hiaro ny vahoaka any an-toerana, nefa mbola tsy nahavaha olana izany. Ny dina: "dinam-piarahamonina", io indray no sosonkevitra hoy hatrany ny Ben'ny Tanànan'ny kaominina Ankavandra Maharesy Francis, saingy natsahatry ny faritra Menabe, mba hahafahana manaparitaka ny dina iraisan'ny faritra Menabe manontolo dia ny dinan'i Menabe. Hatramin'izao anefa tsy mbola nisy fanentanana mahakasika io dinan'i Menabe io any an-toerana, ka antony mbola mampirongatra ity fifamonoana eo amin'ny samy mpifanolo-bodirindrina ity izao. Efa tsy ny fifamonoana fotsiny intsony amin'ireo mpiady no zava-misy fa mihàtra amin'ny fandorana tanàna, fangalarana omby, ny fitaovana an-tokantrano, fandorana trano sy famotehana ireo voly. Fanirian'ireo mpitondra sy ny fokonolona any an-toerana ihany koa ny mba hahazoan'izy ireo disitrika hialana amin'ny fitokana-monina sy halavirana eo amin'ny fikarakarana antontan-taratasim-panjakana, indrindra ny fibaikona ara-miaramila.



*Ny ben'ny tanànan'Ankavandra, manolotra sosonkevitra, ho famahana ny olam-piarahamonina any amin'iny distrikan'i Miandrivazo iny.*

***Serge***

Ben'ny tanànan'Ambatosoratra

# Mitaky asa mivaingana ny vahoaka amin'izao taona vaovao izao

Ben'ny tanàna isan'ny misongadina nandritra izay fotoana nandraisany ny fitantanana ny kaominina Ambatosoratra izay andriamatoa Rapie, noho ny asa izay nataony. Isan'izany ny nahatafatsanganan'izy ireo ny lisea ao an-toerana, sy ny namitany ny barazy, izay manondraka velaran-tany maro ao an-toerana, ka nahafahan'ny vahoaka nampitombo ny vokatra miakatra amin'izao fotoana izao. Nambarany fa vanim-potoanan'ny fananganana asa mivaingana izao ho an'ireo mbola tsy nahavita ary fanitarana ny efa natsangana izany ho an'ireo izay efa niasa hatrany teo amin'ny seha-pitantanana. Ho an'ny kaominina Ambatosoratra manokana dia nambarany fa na dia nataon'ny fitondrana teo aloha ankilabao aza izy ireo noho izy tsy nanaiky ny hiditra ho mpikambana tao amin'ny antokon'izy ireo dia tsy niraviravy tanana fa niezaka hatrany ny nanangana fotodrafitr'asa izay tena ilain'ny vahoaka. Nambarany nandritra ny tafa nataony tamin'ny mpanao gazety fa mbola vonona hatrany ny tenany ny hitondra anjara biriky eo amin'ny fampandrosoana ny kaominina izay iriany mafy mba hitarina amin'ny sehatra lehibebe kokoa manomboka izao. Maromaro ny fandaharan'asa izay ho tontosaina amin'ity taona vaovao ity raha ho an'ity Ben'ny tanànan' Ambatosoratra ity araka ny nambarany, izay tsy hijanona fotsiny ao Ambatosoratra fa hiitatra amin'ny toerana maro ato anatin'ny distrikan' Ambatondrazaka. Marihina fa lany tamin'ny tsy miankina andriamatoa Rapie ary tsy nanaiky ny hiditra ao anaty antoko mihitsy hatramin'izay ka hatramin'izao.




*Ny ben'ny tanànan' Ambatosoratra.*

***Raoul***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 266**




**BL** = Bory Loha
**BR** = Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0265)

**Mitsivalana**
- Angady
- No (Miv) – Hao
- Efatra
- Is(a) – Dio
- Fanakao (Miv)
- Nialanay
- If – Imamo

**Mitsangana**
- Avelony
- Fia (Miv)
- Goaika
- Antsaly
- Man (Miv)
- Anadahy (Miv)
- Mafy (Miv)
- Foko – Io

### TENY MIFANAPAKA N° 266




**Mitsivalana**
**1.** Mikaroka – Onjam-peo nasionaly **2.** Tolonareo **3.** Omeo tànana – Faranteny **4.** Fanolorana masina **5.** Aoka tsy misy farany – Maneho zavatra tsy marina **6.** Sondrotra – Anaty rano **7.** Mandoro (BR) – Mampisafidy – Santa **8.** Tanterahina **9.** Tsirin-teny Atao – Nitsahatra (Miv) **10.** Azo eo am-pelatanana – Naoty

**Mitsangana**
**A.** Mpiasa anaty rano **B.** Mitempo **D.** Nizara roa – Tampisaka **E.** Sakoroka – Zava-maranitra (Miv) **F.** Fafanao **G.** Mpanoritra (Miv) – Kanto **H.** Volana fahadimy malagasy **I.** Renintsoratra mitovy – Bibilava – Ila, iry **J.** Tsy aloha fa aoriana handatsa – Nify tapaka **K.** Teny fiangaviana – Hita eo amin'ny fandriana

### Valiny Teny mifanaraka 0265

**Mitsivalana**
1 Sakay - Ory (Miv) 2. Lehilahy (Miv) 3. Lananana 4. Ta - Fary 5. Niantoka 6. Tana - Anio 7. Ela - Ro - Ana 8. Na - Ireo (Miv) - Or(a) 9. Ahatsapana 10. Ila - Miray

**Mitsangana**
A. Salantena B. Ialahy D. Kintana - Al(a) E. Ahoana - Ota F. Nay (Miv) - Res(y) G. Lafo - Maro (Miv) H. Akany (Miv) - (P)ipy I. Iharana - Ar J. Re - Inona K. Oly - Voaray




www.facebook.com/Cserasera/